“Izay mamangy marary ka mbola tsy tonga ny fotoana hahafatesany, ka niteny impito ny Doan hoe : Mangataka amin’I Allah Tsitoha, Tompon’ny seza fiandrianana lehibe mba hanasitrana anao, Afa-tsy hoe sitranin'I Allah amin'izany aretina izany izy

Tatitra azo avy tamin'i Ibn Abbas (R.A), Niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Izay mamangy marary ka mbola tsy tonga ny fotoana hahafatesany, ka niteny impito ny Doan hoe : Mangataka amin’I Allah Tsitoha, Tompon’ny seza fiandrianana lehibe mba hanasitrana anao, Afa-tsy hoe sitranin'I Allah amin'izany aretina izany izy".
[Mari-pototra] [Notantarain'I Abo Daòd, Al-Tirmizì ary Ahmad]

Nilaza ny Mpaminany (S.A.W) fa tsy misy mpino silamo mitsidika silamo hafa mandritra ny fotoana nahararіany izay tsy teo amin'ny fotoana nahafatesany. Avy eo mangataka ity ilay mpamangy hoe : (Mangataka amin'I Allah ilay lehibe indrindra) amin'ny Tenany sy ny toetrany ary ny fihetsiny, (Tompon’ny seza fiandrianana Lehibe, mba hanasitrana anao), ary naveriny impito taminy izany dia ho sitranin'I Allah amin'ilay aretina izy.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/6270